

Ny °tantarany IMANJAKATSIROA

- 1- Rangory zanak'Andriananelo, anabavin-dRalanbo.

- 2- Rangory dia niankandrofana any Antsakalava, ary nony tonga tany izy, dia nanam-bady an-dRalainbolamena, (mpanjakan'ny Sakalava) ka niteraka an-dRamasoandro ; ary Ramasoandro niteraka an-dRambolamasoandro, ary Rambolamasoandro nalain-Andrianampoinimerina ho vady, ka niteraka any Lehidana.

- 3- Rambolamasoandro no nitondra any Imanjakatsiroa tany Anbohinanga, ka hoy izy tamin'Andrianampoinimerina :
- "Maka ahy ho vady hianao, ka izany no nahatongavako aty sy ny Andriananitra ; ka raha lapa omby ahy, dia itoeran'ny Andriananitra".

- 4- Dia hoy Andrianampoinimerina :
- "Iza noa no anaran'izany Andriananitrao izany, °fandrea dia tokony tsy hahazo hiditra °any ny lapako, fa Ikelinalaza no Andriananitra ?
Dia hoy Rambolamasoandro :
- "Ny anaran'ny Andriananitra dia tsy nba izany tsy akory fa hafa lavitra, dia atao hoe "Imanjakatsiroa".
Dia hoy Andrianampoinimerina, raha nahare izany :
- "Andriananitra tekoa lahy izany, fa nitondra anao ho aty aniko, fa izaho -Andrian-tokana °any ny tany, ka ny Andriananitrao -Imanjakatsiroa °any ny tany, ka voninahitra ho ahy izany ; ka na iza na iza manjaka °any ny taniko, indrindra fa raha niteraka hianao Rambolamasoandro, dia tsy an-jaza hafa ny fanjakana fa anao. Ary inona avy anefa Ramatoa no fomba fanao aniny ?

L'histoire d'IMANJAKATSIROA

Rangory était fille d'Andriamanelo et soeur de Ralambo.

-1

Rangory partit vers l'ouest en pays sakalava, et quand elle y arriva, elle épousa Ralainbolamena (roi des Sakalaves) et donna naissance à Ramasoandro, Ramasoandro donna naissance à Rambolamasoandro, et Rambolamasoandro, Andrianampoinimerina la prit pour femme, elle donna naissance à Lehidama.

-2

C'est Rambolamasoandro qui apporta Imanjakatsiroa à Ambohinanga et qui dit à Andrianampoinimerina :

-3

- "Vous me prenez pour femme, aussi est-ce la raison pour laquelle nous sommes venus ici, moi et mon Dieu. Et dans tout palais où je trouve ma place, c'est là que demeure mon Dieu".

Andrianampoinimerina dit :

-4

- "Quel est donc le nom de celui que vous présentez comme votre Dieu, que je sache s'il ne fait pas partie de ceux qui ne doivent pas avoir le droit d'entrer dans mon Palais, car c'est Ikelinalaza qui est mon Dieu ?

Rambolamasoandro dit :

- "Le nom de mon Dieu ne ressemble en rien à cela, mais en est très différent. On l'appelle : Imanjakatsiroa".

Andrianampoinimerina, quand il entendit cela, dit :

- "C'est vraiment mon Dieu, car il vous a conduite jusqu'à moi, qui suis le Prince-Unique sur la terre, et votre Dieu est celui-qui-règne-seul sur la terre ; et ce n'est un honneur. Et quelque soit celui qui règne sur mes terres, à plus forte raison si vous, Rambolamasoandro, avez un enfant, le pouvoir ne sera pas à un autre enfant, mais à vous. Et quelles sont cependant, Madame, ses différentes exigences ?

Dia hoy Rambolamasoandro :

- "Ivelezan-kazo-lahy, anaovana antsa.

5- Dia hoy Andrianampoininerina :

- "Inona noa no hazo-lahy, ary inona koa no antsa ?

Dia hoy Rambolamasoandro :

- "Ny "Antsa" -fiandrianana ary ny "hazo-lahy" -fiamboniana. Ireo torpoko no fanao aminy raha hivoaka izy.

Dia hoy Andrianampoininerina :

- "Mba asehoay ahy izany antsa sy hazo-lahy izany mba ho hitako.

6- Dia niantso olona 30 lahy Sakalava sy Sakalava 50 vavy Rambolamasoandro, ka nony tonga ireo, dia hoy izy :

- "Ataovy ny antsa ho jeren'Andrianampoininerina.

Dia nanao ny antsa ireo Sakalava ireo, ka dia faly Andrianampoininerina, faly koa ny Andriananitra, fa tonga vohitra ny hazo-lahy tsy nanànana sy ny antsa tsy nanànana sy ny vady tsy nanànana, ka tonga sany azo avokoa ireo, fa Rambolamasoandro dia vehevavy tsarabotany ny Andriananitra dia malaza tokoa, ny antsa dia zavabaovao.

7- Dia faly Andrianampoininerina, fa ny vady azo ho nanana, ny Andriananitra azo ivavahana, ny antsa laolao soa, ny hazo-lahy fiandrianana ; dia 30 andro no nilaolaovana^o tany ny fampakarana-bady sy nifaly noho ny nahazahoana any Inanjakatsiroa sy ireo zava-baovao ireo ; ary satria nahafinaritra ireo laolao ireo, ka dia natao ho zokin-pifaliana indrindra^o any ny fanjakana ny hoe " antsa sy ny hazo-lahy", ka natao hoe -laolao'Andriana, na fiandrianana na fiamboniana -izany no heviny.

8- Izany no^o nisehoany Inanjakatsiroa voalohany indrindra, ary ny antsa sy ny hazo-lahy dia niara-niseho taniny koa.

Rambolamasoandro dit :

- "Pour lui, on bat le hazolahy (1) et on chante le antsa".

Andrianampoininerina dit :

- "Qu'est-ce donc que le hazolahy et qu'est-ce aussi que le antsa ?

Rambolamasoandro dit :

- "Le "Antsa" est signe de noblesse et le hazolahy signe de suprématie. Voilà, Sire, ce qu'il faut accomplir pour lui, quand il doit sortir."

Andrianampoininerina dit :

- "Montrez-moi ce que vous appelez antsa et hazolahy que je les voie".

Rambolamasoandro appela des Sakalaves, trente hommes et cinquante femmes ; et, quand ils arrivèrent, elle leur dit :

- "Exécutez le antsa qu'Andrianampoininerina le voie".

Ces Sakalava exécutèrent le antsa, et Andrianampoininerina fut satisfait (le Dieu aussi fut satisfait), car étaient arrivés dans la cité et le hazolahy que l'on ne possédait pas, et le antsa qu'on ne possédait pas, et l'épouse qu'on ne possédait pas. Car il est arrivé qu'on les a tous trois obtenus : Rambolamasoandro était une belle femme, le Dieu était vraiment célèbre, le antsa était chose nouvelle.

Andrianampoininerina fut satisfait, car l'épouse, il l'a reçue pour compagne, le Dieu, il l'a reçu pour prier, le antsa est un beau divertissement, le hazolahy est signe de noblesse. C'est trente jours que l'on passa en réjouissances lors du mariage, et l'on se réjouit d'avoir obtenu Inanjakatsiroa ces choses nouvelles. Et, comme ces divertissements étaient agréables, on fit de ce qu'on nomme antsa et hazolahy, les plus hautes réjouissances du royaume et on les appela : divertissement princier, ou signe de noblesse, ou signe de suprématie, c'est là leur sens.

Voilà comment Inanjakatsiroa apparut pour la toute première fois, et le antsa et le hazo-lahy firent également leur apparition avec lui.

1) Hazolahy : tambour fait avec un tronc d'arbre creusé.

9- Toy izao no tonon-kira fanao aminy :

- " Andriananahary e !
- " Andriananaharinay e !
- " Inanjakatsiroa e !
- " Inanjakatsiroa e !
- " Itonpon'ny tany e !
- " Itanpon'ny tany e !
- " Hianao Andriananpoina e !
- " Hianao Andriananpoina e !
- " Tsara, soa Andriamanitra
- " Tsara, soa Andriamanitra
- " Tonga ety Andriananahary nanao e !
- " Hianao Ramatoa Rambolamasoandro e !
- " Zanak'Andriamanitra ; tonpon'Antsakalava e !
- " Tompon'ny onby haolo, tonpon'ny onby nanga e !
- " Tera-dRangory zafin'Ilaimbolamona
- " Zana-dRamasoandro
- " Tsara e fa nody antanindrazana
- " Tsara e fa nody an-tanindrazana
- " Antsakalava e tanin-drainao
- " Imerina e tanin-dreninao
- " Faly e, faly e, faly e '.
- " Fa ny tonpon'Imerina no ho vadinao
- " E ! faly e ! E ! faly ! E ! faly e !
- " E faly tokoa e, fa tonga Inanjakatsiroa !
- " E ! faly e faly tokoa e fa tonga Inanjakatsiroa.
- " O ! tsara Andriana ! O ! tsara Andriana !
- " Tsara Andriana !
- " Andriamanitra hitan'ny mase hianao Andriananpoina !

10- Ary ny feon'ny hazo-lahy sy ny kipantsona sy ny angaroa sy ny volahevitra kosa amin'izany dia toa miteniteny hoe :
"Kidonbarambita kidonbarambita, tsain tsain Om Om etc."

Voici des paroles de chants que l'on exécutait habituellement

-9

pour lui :

- " Andriananahary !
- " Notre Andriananahary !
- " Imanjakatsiroa !
- " Imanjakatsiroa !
- " Le maître de la terre !
- " Le maître de la terre !
- " Vous, Andriananpoina !
- " Vous, Andriananpoina !
- " Vous êtes béni d'avoir un Dieu bon.
- " Vous êtes béni d'avoir un Dieu bon.
- " Il est arrivé ici, Andriananahary qui nous a créé !
- " Vous, Madame Rambolamasoandro !
- " Fille de Dieu, Maîtresse du pays sakalava !
- " Maîtresse des boeufs sauvages, maîtresse des boeufs sans bosses !
- " Descendante de Rangory, petite-fille d'Ilainbolanena
- " Fille de Ramasoandro
- " Bénie êtes-vous d'être revenue au pays des ancêtres
- " Bénie êtes-vous d'être revenue au pays des ancêtres
- " L'Antsakalava est le pays de votre père
- " L'Ehnyrne est le pays de votre mère
- " Joie, Joie, Joie !
- " Car c'est le maître de l'Ehnyrne qui sera votre époux
- " Qu'elle joie ! Qu'elle joie ! Qu'elle joie !
- " En vérité, Qu'elle joie car Imanjakatsiroa est arrivé !
- " Quelle joie ! En vérité, quelle joie ! Car Imanjakatsiroa est arrivé.
- " Oh, gouverné par un bon Prince ! Oh, gouverné par un bon Prince !
- " Vous êtes gouverné par un bon Prince !
- " Vous Andriananpoina qui êtes le Dieu visible.

Et la voix du hazolahy, les cymbales, la conque marine et le va-

-10

lahevitra semblaient alors en même temps dire :

- " Kidombaranbita Kidombaranbita, tsain tsain, On on etc...

11- Ireo no natao ^otany ny ^onahaonany Inanjakatsiroa sy Andrianampoina ^otany ny nahatonga an-dRambolamasoandro (ho vadiny) sy Inaromanompo (zanany) tao Ambohimanga.

12- Dia faly ny Mpanjaka, ka nisaotra ireo mpilolao ireo.

13- Ary nony afaka kelikely indray, dia nanontany an-dRambolamasoandro indray Andrianampoinimerina, ka nanao hoe :

- "Inona no mba fadin'ity Andriamanitra ity ?

Dia hoy Rambolamasoandro :

- "Tsy idiran'andevon'ny trano (lapa) nisy azy ; ka na andevon'iza na andevon'iza, dia tsy nahazo niditra ^oany ny rova nisy any Inanjakatsiroa tamin'izay.

Dia notsofin-drano avokoa ny andevon'ny Manjaka tamin'izany andro izany, ka nonona anarana hoe : "tsinanda na tsierondahy na tandonaka".

14- Izany no natao ho anaran'ireo andevon'ny Manjaka, andevo an-dapa ireo, -dia nanorenan-bato tamin'izay izany anarany izany, sady tsy azo amidy, fa : oloko, hoy ny Manjaka.

15- Koa raha ho dinihitsika tsirairay izao ny zavatra izay vao niseho ho fifalian'Andrianampoina ^otany ny nahatongavan-dRambolamasoandro ho vadiny, dia nisy zavatra telo, dia izao :

1. Ny nahazahoan'Andrianampoinimerina/ ^{namana,} fa nampakarina ho vadiny Rambolamasoandro sy ny ^onahatongavany Inaromanompo. Azony tamin'izany koa Inanjakatsiroa Andriamanitra.

2. Nahatongavan'ny angara sy ny antsa sy ny kipantsona sy ny hazolahy, sy ny volakevitra sy ny kidonbaranita -ho voninahitry ny fiandrianana sy ho fianboniana.

3. Nitsiofan-drano ny andevon'ny Manjaka sy nanorenan-bato ny ho anarany ka tsy atao hoe andevo intsony, fa atao hoe -tsierondahy, tsinanda, tandonaka, sady tsy azo amidy intsony, fa olon'Andriana.

Voilà ce que l'on fit lors de la rencontre d'Inanjakatsiroa et d'Andrianampoina à l'arrivée à Ambohinanga de Rambolamasoandro qui allait être sa femme et d'Inaromanoupo son fils. -11

Le roi s'en réjouit et remercia ces gens qui jouaient. -12

Et quelques temps plus tard, Andrianampoininerina interrogea à nouveau Rambolamasoandro en ces termes : -13

- "Quels sont donc les interdits de ce Dieu ?

Rambolamasoandro répondit :

- "Les esclaves n'entrent pas dans la maison (lapa) où il se trouve ; et par la suite, quels que fussent leurs maîtres, les esclaves n'eurent plus le droit d'entrer dans l'enceinte-royale où se trouvait Inanjakatsiroa. Alors les esclaves du Roi reçurent tous la bénédiction d'eau lustrale ce jour-là, et on leur donna les noms de Tsinandoa, de Tsierondahy et Tandonaka".

Tels furent les noms donnés aux esclaves du Roi, qui vivaient au palais. Et l'on éleva alors une pierre pour commémorer ces noms et désormais on ne pouvait plus les vendre car "ce sont mes gens", dit le Roi. -14

Donc, si nous énumérons maintenant les choses qui pour la joie d'Andrianampoina firent leur apparition lors de l'arrivée de Rambolamasoandro qui allait être sa femme, il y en eut trois, et ce sont : -15

1. Le fait qu'Andrianampoininerina avait obtenu une compagne, car on éleva Rambolamasoandro au rang d'épouse du Roi; et l'arrivée d'Inaromanoupo; il obtenait aussi à cette occasion divin Inanjakatsiroa.
2. C'est alors qu'étaient arrivés pour une plus grande distinction de la noblesse et pour signifier la suprématie la conque marine, le antsa, les cymbales, le hazolahy, le volahovitra et le Kidombaranita.
3. C'est alors que les esclaves du Roi reçurent la bénédiction d'eau lustrale, et une pierre fut élevée pour commémorer ce qui allait être leurs noms ; et on ne les appela plus esclaves, mais on disait : tsierondahy, tsirandoa, tandonaka, et l'on ne pouvait plus les vendre, car c'est les gens-du-Prince.

16- Koa ny nahatongavan-dRambolamasoandro sy Imanjakatsiroa Andriamanitra avy any Antsakalava (ao any ny tanana atao hoe Anbarasoah no nisy azy) no nahatonga ireo zavatra telo vaovao ireo ho fomba sy fanao taty Antananarivo, ka nahatonga ny sasany amin'ireo ho fomba sy fanao.

17- Ary nony inona, dia nantany indray Andrianampoininerina hoe :
- "Rambolamasoandro ô ! Tsinana izao ny volana Alakanady fandroan'ny Ambanilanitra sy izaho, ka inona no hasina fanao ^oany ny Imanjakatsiroa Andriamanitra ?

Dia hoy Rambolamasoandro :

- "Lolohavinao Mpanjaka eo andohanao Imanjakatsiroa Andriamanitra ka hasininao hoe : Ity no mpanjakan'ny aina, ry Ambanilanitra, ka izaho Andrianampoininerina Mpanjaka tsy roa aman-tany no hasina azy ; fa Imanjakatsiroa Andriamanitra no nananako ny maso hijery sy nananako ny sofina hihaino, nananako ny orona hianana sy hanomboko (hanofona) sy nananako ny vava hiteny, ary ny tongotra handcha, tanana handray, aina hihotsiketsehana, vady hiadanana, hery handresena ny fahavalo, nahavoriana ny fanjakàna, nananako ity nosy ity. Izany no ho fanasina-nao azy eo anatrehan'ny Ambanilanitra rehefa niloloha azy hianao.

18- Dia nololohavin'Andrianampoininerina teo an-dohany Imanjakatsiroa ; dia niantso sy nanasina azy arak'ireo voalaza eo ambonny ireo ^oany ny Ambanilanitra izy. Ary Rambolamasoandro kosa dia manaraka ny teny voalazany ^oany ny feo malenileny.

19- Ary nony vita izany fanandratana any Imanjakatsiroa eny ^oany ny lohan'ny Mpanjaka izany, vao nanasina an'Andrianampoininerina ny va-hoaka araky ny fanao ^oany ny fandroana.

Donc c'est l'arrivée de Rambolamasoandro et de divin Imanjaka-
tsiroa en provenance du pays Sakalava (ils venaient d'un village nommé
Ambarasoà) qui fit de ces trois séries de choses nouvelles des us et
des coutumes suivis à Tananarive, et qui introduisit certaines d'entre
elles dans les us et les coutumes de tous.

-16

Et peu de temps après, Andrianampoininerina s'enquit à nouveau:
" -Oh, Rambolamasoandro, voici venu le premier croissant de la lune du
Bélier pendant lequel les Ambanilanitra et moi-même fêtons le Fandroa-
na. Aussi quelle est l'offrande que l'on doit faire à divin Imanjaka-
tsiroa ?

-17

Rambolamasoandro dit :

- "Vous le Roi, vous porterez divin Imanjakatsiroa sur votre tête, et
vous lui ferez offrande en ces termes : "Voici le Roi de la vie, ô Amba-
nilanitra, et c'est moi Andrianampoininerina roi sans pareil sur la ter-
re qui vais lui faire une offrande, car c'est le divin Imanjakatsiroa
que j'ai reçu ces yeux pour regarder et que j'ai reçu ces oreilles pour
écouter, que j'ai reçu ce nez pour respirer et sentir et que j'ai reçu
cette bouche pour parler, et ces pieds pour marcher, ces mains pour pren-
dre, cette vie pour ne mourir, cette épouse pour être heureux, cette
force pour vaincre les ennemis, et qui a permis de rassembler le pouvoir,
c'est de lui que j'ai reçu cette île". Voilà ce que vous lui donnerez en
offrande en présence des Ambanilanitra, lorsque vous le porterez sur la
tête".

Alors Andrianampoininerina porta Imanjakatsiroa sur sa tête, il
l'invoqua et lui offrit le hasina en déclarant ce qui a été dit plus
haut aux Ambanilanitra. Et Rambolamasoandro de son côté répétait à
voix basse les paroles qu'il avait prononcées.

-18

Et ce fût qu'après cette élévation d'Imanjakatsiroa au dessus
de la tête du Roi, que le peuple fit le hasina à Andrianampoininerina
selon la coutume du Fandroana.

-19

20- Dia velona anin'izay ny hira sy ny dihy ary ny hobin'ny vahoaka

hoe :

- " Andriananaharinay e !
- " Andriananaharinay e !
- " Andriananitra tokoa e !
- " Andriananitra tokoa e !
- " Inanjakatsiroa e !
- " Inanjakatsiroa e !
- " Itompon'ny tany e, itompon'ny tany e !
- " Hianao Andrianampoina e, hianao Andrianampoina !
- " Tsara fa soa Andriananitra e, tsara fa soa Andriananitra
- " Andriananitra nanao e tonga ety, Andriananitra nanao tonga ety.
- " Hianao Rariatoa Rambolanasoandro,
- " Zanak'Andriananitra, tompon'Antsakalava e !
- " Tompon'ny onby manga, tompon'ny onby haolo.
- " Tsara e, fa nody an-tanindrazana.
- " Antsakalava e tanin-drainao !
- " Inerina e tanin-dreninao !
- " E ! faly e, faly e, fa tonga Inanjakatsiroa
- " O ! tsara Andriana, O tsara Andriana !
- " O ! tsara hita-maso hianao Andrianampoina !

21- Ary ny feon'ny hazo-lahy sy ny kipantsona anin'izany dia manao
hoe : Tsain tsain tsain tsain; ary ny feon'ny angaroa kosa : Om on
on on !

22- Ireo no fanao isaky ny fandroana ^o tany ny Inanjakatsiroa sy
Andrianampoininerina sy Rambolanasoandro ary Maronanompo (zanany) tany
Anbohinanga.

23- Dia faly Andrianampoininerina ka nisaotra ny mpilalao, fa ni-
tohy noa ny fahasavana, (1) ka nahafinaritra izay nataon'ny mpila-
lao.

1) Ms : fahasoavaka

Explosèrent alors les chants, les danses et les acclamations
 du peuple :

" Notre Andriananahary !

" Notre Andriananahary !

" C'est vraiment un Dieu !

" C'est vraiment un Dieu !

" Inanjakatsiroa !

" Inanjakatsiroa !

" Le maître de la terre. Le maître de la terre !

" Vous, Andrianampoina. Vous Andrianampoina !

" Vous êtes béni d'avoir un Dieu bon. Vous êtes béni d'avoir un Dieu bon.

" Dieu qui nous a créé est venu jusqu'ici.

" Dieu qui nous/créé est venu jusqu'ici.

" Vous, Madame Rambolamasoandro,

" Fille de Dieu, maîtresse du pays sakalava !

" Maîtresse des bœufs sans bosses, maîtresse des bœufs sauvages.

" Bénie êtes-vous d'être revenue au pays des ancêtres.

" L'Antsakalava est la terre de votre père !

" L'Eymre est la terre de votre mère !

" Quelle joie ! Quelle joie ! car Inanjakatsiroa est arrivé.

" Oh, gouverné par un bon Prince ! Oh, gouverné par un bon Prince !

" Oh, vous Andrianampoina, vous êtes le bien visible !"

Et pendant ce temps, la voix du harolahy et des cymbales disait : -21
 " Tsain, Tsain, Tsain, Tsain" et la voix de la cône marine : "Oum.
 Oum. Oum. Oum."

Et c'est là ce que l'on faisait à chaque Fandroana du temps d'Inan- -22
 jakatsiroa, d'Andrianampoininerina, de Rambolamasoandro et de Maromano-
 mpo (son fils) à Anbohimanga.

Andrianampoininerina fut satisfait et remercia les exécutants, -23
 car les bienfaits n'avaient pas de cesse et ce qu'avaient joué les
 exécutants avait été agréable.

24- Ary nony nipetraka kelikely indray, dia hoy Andriananpoininerina:

- "Inona no hataoko izao fa nilaolao isika ?

Dia hoy Rambolanasoandro :

- "Mierèna Andriananpoininerina, fa anao ny tany sy ny fanjakana.

Dia nipetraka Andriananpoininerina, ka nanontany hiary hoe :

- "Inona no fanao amin'ity Andriamanitsika (1) ity ?

Dia hoy Rambolanasoandro :

- "Efa nolazaiko taninao hiary ny fomba voalohany fanao aniny, ka noa tianao ho lazaiko avokoa va ny fomba fanao aniny rehetra sy ny fadiny?

Dia hoy Andriananpoinina :

- "Lazao aniko avokoa, tompokovavy, fa aza saronanao leha aho.

25- Dia hoy Rambolanasoandro :

- "Sanatria izany tompoko, fa mafy mafy hiary noa ny fadiny ka izany no tsy mbola nilazàko azy rehetra ; ka rehefa tianao ny hilazako azy rehetra, dia aoka ho lazaiko tsirairay, dia izao :

1. Raha mandalo izy, dia miala-satroka avokoa, na iza na iza, fa Andriamanitra no mandalo.

2. Raha vory ny vahoaka, dia izy no mahazo ny antsa sy ny angarao etc. eo aloha.

3. Raha nisy nanao tombokavatsa (ilay tomboka soratsoratra ^oany ny sandrin-tànana (2)), dia tsy mahazo midi-drova izany olona izany, fa efa "mahasora-tena toy ny voatango" izy.

4. Raha mitondra ny nahandron'ny Mpanjaka, dia tsy mahazo niherikrika, (nijerijery zavatra hafa) ary ny tànana dia sasàna ^ohatrany ny kihony.

5. Ny tandapa rehetra, dia tsy maintsy voncin-borona matetika sy anpinonina-nisetro tangèna-isana-taona.

1) Ms : Andriamanitratoika.

2) Ms : sandin-tànana

Et après un petit moment de répit, Andrianampoinimerina dit :

-24

- "Que vais-je faire maintenant puisque nous nous réjouissons ?

Rambolamasoandro dit :

- "Posez de nouvelles questions, Andrianampoinimerina, car la terre et le royaume sont à vous".

Andrianampoinimerina s'assit et demanda de nouveau :

- "Que faut-il accomplir pour ce Dieu qui est le nôtre ?

Rambolamasoandro dit :

- "Je vous ai déjà fait part de ses premières exigences. Voulez-vous que je vous dise tout de ses exigences et de ses interdits ?

Andrianampoinina dit :

- "Dites-moi, tout, Madame, et ne masquez rien à ma vue".

Rambolamasoandro dit :

-25

- "Dieu n'en préserve, Monsieur, mais ses interdits sont assez difficilement supportables, et c'est la raison pour laquelle je ne vous ai pas encore tout révélé. Mais puisque vous voulez que je vous les dise tous, permettez que je vous les énumère un à un. Les voici :

1. Quand il passe, tous, quelle que soit leur condition, se découvrir, car c'est Dieu qui passe.
2. Quand le peuple est réuni, c'est lui qui a le droit d'être précédé de antsa, de conques marines, etc...
3. Si quelqu'un porte un tatouage (cette marque figurée sur l'avant-bras), cette personne n'a pas le droit d'entrer dans l'Enceinte-Royale, car il s'est déjà "désigné lui-même comme le melon d'eau".
4. Si l'on porte ce qui a été cuisiné pour le Roi, on n'a pas le droit de porter le regard d'un côté ou d'un autre et les mains, on les lave jusqu'au coude.
5. Tous les gens du palais doivent être soumis à l'épreuve du tanguin, une fois par an directement, et à plusieurs reprises par le moyen d'une volaille.

6. Ny vary ho hanin'ny Andriana dia tsy maintsy tandrenana tsara, fa -raha nisy fotsin-bary tapaka, na iray aza, dia tsy azo onena azy in-tsony, fa tsy sahy.
7. Tsy nahazo nitafy lamba nivadika ny Mpanjaka, ary ny tandapa tsy miakanjo mianboho.
8. Ny rano ^oatsakaina ho an'ny Manjaka, raha tsy efa alefan'ny mpi-sikidin'Ianjakatsiroa dia tsy nahazo naka rano aloha, ary rehefa alefany dia mandoha ; nefa raha sakanan-takatra dia vakina ny siny, ary raha sakanan'ny voronkahaka (karazan-borondolo hiary) na hitsi-kitsika na papungo na bibilava, dia vakina ny siny.
9. Tsy mivoaka Alatsinainy sy Asabotsy Inanjakatsiroa sy ny Mpanjaka.
10. Raha hiditra ^oany ny trano nisy an-dRanajakatsiroa sy ny Manjaka, dia ny tongotra havanana no aroso aloha ao an-trano, fa raha tsy iza-ny dia potraka, ka anpinonina -nisetro voantangona, fa nanota-fady, dia nisy maty ary nisy velona ; ka ny velona atao hoe, Andrianadio -raha lahy, ary raha vavy Ranadio, ary ny maty atao hoe npanosavy.
11. Raha nita rano, dia ny vahoaka no nita aloha vao nita Inanjaka-tsiroa sy ny Andriananjaka.
12. Tsy honana andovia hafa afa-tsy ^oany ny vilia teny ny Manjaka.
13. Tsy nijanona ^oany ny vohon-tsihy.
14. Tsy nahazo honana ^oany ny vohon-dravina ny Mpanjaka sy ny zanany.
15. Tsy azo tapahin-teny ny Mpanjaka.
16. Tsy azo anatoana ny lapan'ny Mpanjaka.
17. Tsy nahazo mandrora ^omiantsinanana raha ao an-tranon'ny Mpanjaka.

6. Quant au riz destiné au Prince, il faut bien y prendre garde, car -s'il y a du riz blanc brisé, ne fût-ce qu'un seul grain, on ne peut plus le lui donner, car ce n'est plus présentable.
7. Le Roi n'a pas le droit de porter une toge à l'envers, et les courtisans ne portent pas de vêtements qui ferment dans le dos.
8. Quand on va chercher de l'eau pour le Roi, tant que le devin d'Imanjakatsiroa n'en a pas donné l'autorisation on n'a pas le droit d'aller chercher de l'eau ; mais quand il vous y envoie, on y part. Cependant, si le chemin est coupé par une ombrette, on casse la cruche, et si le chemin est coupé par un voronkahaka (sorte de hibou) ou une crécerelle ou un milan ou un serpent, on casse la cruche.
9. Imanjakatsiroa et le Roi ne sortent ni le lundi, ni le samedi.
10. Si l'on entre dans la maison où se trouvent Ramanjakatsiroa et le Roi, c'est le pied droit qu'on avance en premier dans la maison, sinon, on tombe et on est soumis au tanguin, car on a enfreint un interdit. Il y en a qui en meurent et il y en a qui en sortent indemnes. Ceux qui sont indemnes, on les appelle Andriamadio, si c'est un homme, et si c'est une femme Ramadio. Ceux qui en meurent, on dit que ce sont des sorciers.
11. Si l'on traverse une rivière (un cours d'eau), c'est le peuple qui traverse en premier avant que ne traversent Imanjakatsiroa et le Prince-Régent .
12. Le Roi ne mange pas dans d'autre assiette que les assiettes de poterie.
13. Il ne demeure pas sur l'envers d'une natte.
14. Le Roi et ses enfants n'ont pas le droit de manger sur le dos d'une feuille.
15. On ne peut couper la parole au Roi.
16. On ne peut teindre avec du natte dans le palais du Roi.
17. On n'a pas le droit de cracher en direction de l'est si l'on est dans la maison du Roi.

18. Tsy mitsipaka °miantsinanina, raha ao °any ny lapan'ny Manjaka.
 19. Tsy azo idiran-javatra avy °any ny maty ao °any ny lapan'ny Manjaka, na olona avy °any ny maty, fa mandro sy manasa-lamba aloha ka rehofa afaka herin'andro vao nahazo niditra ao °any ny Manjaka.
 20. Ny olona boka na azon'ny holanona dia tsy nahazo niditra °any ny fatsifatsy -rova nisy ny Mpanjaka °itoerany Inanjakatsiroa.
 21. Ny olona kilenaina -mandringa, jamba, marenina, kelila, moana, dia tsy nahazo niditra °any ny rova nisy any Inanjakatsiroa sy Manjaka.
- Ireo ary tonpokolohy, no fady °any ny Inanjakatsiroa.

26- Dia hoy Andrianampoininerina :

- "Izany fonban-panjakana tsara izany ka saiky tsy ho lazainao aniko ; ka dia misotra anao aho, fa marina, ka tsy nisy hodiny hatsipiko izany na taolany hariako, fa nankasitraka ny tenako aho fa nankasitraka anao vadiko ; fa marina sady tsara avokoa izany, fa nampitorbe ny fiandrianako sy nahamasina any Inanjakatsiroa Andriananitra, nefa nisy zavatra iray anontaniko anao : Inona noa no atao hoe "tangena ?

Rambolamasoandro :

- "Fitsaràna izany.

Andrianampoinina :

- "Fanao ahoana no tarehin'izany ?

Rambolamasoandro :

- "Voankazo avy any amoron-dranomasina.

Andrianampoininerina :

- "Ka atao ahoana no fanao azy no nahafaty sy nahavelona ny olona ?

18. On ne donne pas de coup de pied en direction de l'est si l'on est dans le palais du Roi.

19. Dans le palais du Roi, on ne peut faire pénétrer ni de chose, ni de personne ayant approché un mort : on doit se baigner et laver le linge auparavant, et ce n'est qu'au bout d'une semaine qu'on a le droit de pénétrer chez le Roi.

20. Les lépreux ou ceux qui en portent les traces rouges, n'ont pas le droit d'entrer dans la palée - enceinte royale où se trouve le Roi et où demeure Inanjakatsiroa.

21. Les infirmes, boiteux, aveugles, sourds, difformes, muets, n'ont pas le droit d'entrer dans l'enceinte royale où se trouvent Inanjakatsiroa et le Roi.

Voilà donc, Monsieur, les interdits d'Inanjakatsiroa.

-26

Andrianampoininerina dit :

- "Ce sont là coutumes de bon gouvernement et pour un peu vous ne ne les auriez pas dites. Je vous remercie, car elles sont justes et n'ont ni peau que je puisse ~~rojoter~~ⁿⁱ/noyau que je puisse recracher, mais je m'en félicite autant que je vous en félicite, vous non épouse. Tout cela est également juste et sanctifie Inanjakatsiroa non Dieu. Cependant il y a une chose sur laquelle je vous questionnerai : Qu'appelle-t-on donc "Tanguin" ?

Ranbolamasoandro :

- "C'est un moyen de juger.

Andrianampoina :

- "A quoi cela ressemble-t-il ?

Ranbolamasoandro :

- "C'est un fruit qui vient du bord de la mer.

Andrianampoina :

- "Comment l'emploie-t-on pour qu'il puisse ou faire nourrir ou faire vivre les gens ?

27-

Raribola :

- "Mandrenesa, mandrenesa Ramananango ; fitsaran'Andriana hianao, fitsaran'Andriana hianao, fitsaran-bahoaka ; mahalala ny marina. Tsy to (marina) roa na manara-drenirano ; tsy manaraka ny horakora-bahoaka, tsy nivily^o any ny hitan'ny naso, tsy ny fo mainay na ny mandry fady, tsy izany no halainao; tsy loharano roa, ny iray nosotroina ny iray tsy nosotroina, tsy izany no ho vonoinao Ramananango, tsy ny lalana rea, ny iray naleha ny iray tsy naleha, no ho vonoinao Ramananango, fa ny nosavy tokana hiany -dia izay nahafaty vadin'olona, nahafaty zanakolona, nahafaty anabavin'olona, nahafaty ray aman-drenin'olona, ka nitsiriritra ain-bahoaka, izany no ho vonoinao Ramananango, Nefa ho-
seritako ny havako, fa ny fahavalo niady taniny dia nba natiny hiany, ny jiolahy nangalatra nba natiny hiany, fa raha izany dia niady sany lahy ka nahavelona azy Ramananango ; fa hany halchanao, hany ho vonoinao ; dia ny nosavy tokana hiany ; nahadala ny hondry, nahajamba ny nahiratra, naharenina ny malady ; ny tsy tia tonga tia, nanadala Andriana, nanadala vahoaka, nanadala zanak'olona, izany no ho vonoinao Ramananango.

28-

Tsy ifidianao^o npanankariana, tsy ifidianao malahelo, tsy izahanao tavan'olona, fa na iza na iza no^o nisotro anao ka manosavy (1) (nahafaty ain'olona) dia vonoy ho faty Ramananango.

29-

Ary raha nosavy notanana kosa tsy ody nahery notanana, dia velony izy, Ramananango, fa fitsaran'Andriana hianao, fitsaran-bahoaka hianao. Tsy firy no tompoanao Ramananango, fa Ralaitomponimanjakamanana,

1) Ms : manosavy

Rambolamasoa :

-27

- "Ecoutez, écoutez, Ranananango, vous êtes la justice du Prince, la justice du peuple ; vous connaissez le mensonge, vous connaissez la vérité. Pour vous il n'y a pas deux vérités, et vous ne suivez pas le fil du courant ; vous ne suivez pas les cris du peuple, vous ne vous laissez pas attirer par ce que voient les yeux ; ce ne sont ni les coeurs ardents ni ceux qui ont couché dans l'interdit que vous prenez. Ce ne sont pas ceux qui ont distingué entre deux sources, qui ont bu à l'une et refusé de boire à l'autre, que vous tuerez Ranananango ; ce ne sont pas ceux qui ont distingué entre deux routes, l'une que l'on a prise et l'autre que l'on a refusé de prendre que vous tuerez Ranananango. Mais bien pour la seule sorcellerie -celle qui a tué la femme d'autrui, qui a tué l'enfant d'autrui, qui a tué la soeur d'autrui, qui a tué les pères et mères d'autrui, et qui a convoité la vie du peuple, c'est pour cela que vous tuerez Ranananango.

Cependant, je marquerai bien mes parents, car des ennemis qui les ont combattus, ils en ont quand même tué. Mais s'il s'agissait d'un combat entre hommes, Ranananango les fera vivre. La seule direction que vous prendrez, la seule raison pour laquelle vous tuerez, ce sera uniquement la sorcellerie : elle rendit fous les sages, elle rendit aveugles ceux qui avaient bons yeux, elle rendit sourds ceux qui avaient l'oreille fine, elle rendit amoureux ceux qui n'aimaient pas, elle trompa le Prince, elle trompa le peuple, elle trompa l'enfant d'autrui. C'est pour cela que vous tuerez, Ranananango.

Vous n'éliminez pas les riches, ni n'éliminez les malheureux, vous ne regardez pas le visage des gens, et quiconque vous voit, ayant pratiqué la sorcellerie (ayant tué quelqu'un), mettez-le à mort Ranananango. -28

Et au contraire si c'est quelqu'un qui n'a détenu ni sorcellerie ni charme néfaste, faites-le vivre, Ranananango car vous êtes la justice du Prince, vous êtes la justice du peuple. Il n'y en a pas beaucoup qui soient vos maîtres, Ranananango, ce sont Ralaitonponinanjakananana, -29

Irabehona, Inanitovy, Ralainbolanena, Rangory, Ranasoandro ; dia tonga ho an'Andrianampoinimerina sy Ranbolamasoandro hianao ; nita^o any ny lakun-tsy rendrika, voizina^o any ny fivoay tsy tapaka, fa tonga hitsara Andriana hitsara vahoaka.

30- Izany no fanaovana azy Andrianampoinina raha nampisotro (^onampio-
nina) io tangena io, ary ny ho tendrena hampisotro (1) tangena ny va-
hoaka, dia ny Andriana havanao, nefa ny^o nanan-kariana no anpanaovina
azy, fa raha ny malahelo -andrao nitanby vola anam-pananana ka nampifaty
vahoaka.

31- Dia faly indray Andrianampoinimerina raha nandre ny asa vitan'ny
tangena ka^o niatso izy hoe :

- " Tonga Imanjakatsiroa hiara-Manjaka amiko,
- " Ka nitondra an-dRatangena hiara-hitsara amiko.
- "^o Mozana tsy mba mandainga,
- " Fitsarana tsy miangatra,
- " Tsy momba ny vato,
- " Tsy momba ny vola.

32- Izany no nisehoan'ny tangena^o fionomana voalohany indrindra fa
niara-tonga^o tany ny Imanjakatsiroa Andriamanitra.

-33 Dia niteny tamin-dRambolamasoandro indray Andrianampoinimerina
hoe :
- "Inona indray no mba sorona fanao aminy, sa vitan'ny efa voalazanao
ka tsy nisy hafa intsony ?

1) Ms : hampisoro.

Irabehena, Ilanitovy, Ralainbolamena, Rangory, Ranasoandro. Et maintenant vous êtes venu pour Andrianampoininerina et Ranbolamasoandro ; traversant en pirogue, vous ne vous noyez pas, la pagaie qui vous pousse ne se brisera pas, car vous venez pour juger des Princes, pour juger des sujets.

C'est ainsi que l'on fait, Andrianampoinina, quand on fait boire ce tanguin. Ceux que l'on désignera pour faire boire le tanguin au peuple, ce seront les Princes, vos parents et cependant on prendra des riches pour le faire administrer, car si c'était des pauvres, on pourrait craindre qu'ils essaient d'obtenir argent et richesses et qu'ils fassent mourir le peuple. -30

Andrianampoininerina fut à nouveau heureux quand il apprit l'oeuvre du tanguin. Aussi s'écria-t-il : -31

" Inanjakatsiroa est venu pour régner avec moi.

" Et il a conduit Ratangena pour juger avec moi

" Balance qui ne ment pas,

"Justice sans partialité,

" Qui ne suit pas les votes (1)

" Qui ne suit pas l'argent".

C'est ainsi qu'apparut pour la toute première fois le tanguin que l'on administre, car il est venu avec divin Inanjakatsiroa. -32

Andrianampoininerina s'adressa à nouveau à Ranbolamasoandro : -33

- "Et maintenant, quels sont les sacrifices qu'on doit lui faire ? ou avez-vous déjà tout dit et il n'y a plus rien d'autre ?

1) Vato, la pierre, désigne ici le vote. C'est à propos de tanguin que les gens votaient (mandatsa-bato) avec des petits cailloux pour désigner ceux que l'on devait soumettre à cette ordalie. Ce procédé du vote était-il employé pour d'autres ordalies que le tanguin ? ou bien s'agit-il tout simplement ici d'un anachronisme, Andrianampoininerina faisant appel à une pratique qui n'a pas encore été évoquée jusqu'ici?

Dia hoy Rambolamasoandro :

- "Tibola misy hiany, tompokolahy, fandrao tsy ho vatranao raha be loatra, ka izany no tsy nanaperako nilaza azy.

Dia hoy Andrianampoinimerina :

- "Lazao, Ramatoa, fa zakako izaho sy hianao. Ary tsy izaho sy hianao hiany no hitondra azy, fa ny Ambanilanitra koa.

34-

Dia hoy Rambolamasoandro :

- "Marina ary izany, tompoko, fa aoka ho lazaiko ny fanao aminy - jerco io zavatra ^o amy ny lohako io sy ^o amy ny tongotra fa ireny no sorona fanao voalohany (dia ny voahangy an-doha sy ny an-tongotra sy ny an-tanana izany lazainy izany) ka izao no filaharany isam-pomba fanao aminy :

1. Voahangy voany iray eo an-tanpon-dohany, ary voahangy fono tanana sy voahangy mahodidina ny tongotra roa.
2. Alaina ny landy ka atao tsara-nato (tsara soka), dia atao elomena ho anao Npanjaka, ka tsy misy mahazo manao izany raha tsy hianao sy ny zanakao ary ny havanao.
3. Ampandoavina vary tapa-bary isan-trano ho anao ny vahoaka rehetra, dia atao hoe tongoamihonkona no anaran'izany, ka sasahinao ireo vary aze ireo, ka ny antsasany an'ny zanakao, miandry ny leha-vohitra ; izany indray no nisehoan'ny hetra voalohany atao hoe : "isam-pangady".
4. Ampandoavina variraiventy 1 isan'olo-miaina ny Ambanilanitra ho fiandriananao Npanjaka sy Imanjakatsiroa Andriamanitra ka izay tsy manao izany dia holohina izy, ka atao hoe : "hajia" no anaran'izany.
5. Raha misy mamono omby, na ankavoriana isara-bohitra na isan-tsena, dia alaina ny vodihena ho anao sy ny zanakao.

Rambolamasoandro dit :

- "Il y en a encore, Monsieur, je craignais que vous ne puissiez les respecter s'il y en avait beaucoup trop. Et c'est pourquoi je n'ai pas fini de tout dire".

Andriananpoininerina dit :

- "Dites donc, Madame, car je les supporterai avec votre concours, et il n'y a pas seulement vous et moi pour les supporter, mais aussi les Ambanilanitra.

Rambolamasoandro dit :

-34

- "C'est bien vrai, Monsieur, permettez que je dise ce qu'il faut faire pour lui. Voyez ce qui est sur ma tête et à mes chevilles. Ce sont là les premières offrandes qu'on lui fait (ce dont elle parlait, c'étaient des perles qu'elle avait sur la tête et de celles qui étaient à ses chevilles et à ses bras).

Et voici la hiérarchie de ses exigences :

1. Une seule perle (de corail) au sommet de sa tête, plein de perles aux mains, et des perles qui puissent entourer les deux chevilles.
2. On prend de la soie, on le passe dans une belle teinture de natte et l'on en fait un parasol-rouge pour vous le Roi. Personne n'a le droit d'en porter, si ce n'est vous, vos enfants et vos parents.
3. On fait verser à tout le peuple une demi-mesure de riz par maison pour vous ; c'est ce que l'on appelle Tongoamihonkona. Vous faites deux parts du riz obtenu, la moitié ira à vos enfants, qui attendent un apanage. C'est ainsi qu'est apparu le premier impôt appelé l'impôt de la bêche.
4. On fait verser aux Ambanilanitra six millines à chaque homme en vie en reconnaissance de Votre noblesse et de celle de divin Iranjakatsiroa. Celui qui ne le fait pas, on le condamne. C'est ce que l'on appelle Hajia.
5. Si quelqu'un tue un boeuf, que ce soit sur la place publique de chaque village ou à chaque marché, on en prend la culotte pour vous et vos enfants.

6. Ny haren'ny olona resin-tangena dia alaina ho anao Mpanjaka^{nyo} antsa-
sam-pananany, ka ny ariary 30 sy ombalahy 1 an'ilay mitàna azy, ary
raha tsy marina ny itanany azy ka mitan-tsy mahazo dia mandoa ariary
30 sy ombalahy iray kosa ilay mitan-tsy mahatàna ho an'ilay notanana,
ka ny ariary 20 sy ombalahy 1 ampandroana an'ilay notanana afaka, ary
ny ariary 10 : -ny ariary 1 hasin'Inanjakatsiroa, ary ny ariary 2 - si-
kajy 4 - vidin'amboa, ary ny sisa dia volanpanjakana.

7. Alaina ny fary raiki-bololona sy ny akondro vokatra sy ny ahi-tsi-
riry sy ny ahibita dia ireo no atao^o any ny rano androanao Mpanjaka.

35- Ireo tompoko no serona fanao aminy sy fomban-panjakana asehony,
ka lazaina aminao Andrianampoina -fa Andriana arahiko hianao, ka iza-
ny no fanao mahasoa sy mahatsara^o any ny Inanjakatsiroa npanjakan'ny
Andriamanitra rehetra, tonpon'ny tany sy ny fanjakana amin'izao ton-
tolo izao.

36- Ary nony nahare io serona fanao io Andrianampoinimerina dia faly
sy nipiaka ampinga ka nandihy tsy notehafina, ka nanao hoe :
- "Izao tokoa aho vao Andriana indrindra sy hanan-daza eran'izao ton-
tolo izao, fa nahazo Andriamanitra tsy nanome vohony, fa tonga Inanja-
katsiroa, Mpanjakan'ny Andriamanitra rehetra ; ka izay nolazainao
Rambolamasoandro aniko, dia tsara avokoa, fa nanao izay hahazahoako
voninahitra sy laza lehibe - ho ren-tany ren-danitra; fa tsy nisy An-
driamanitra nilaza soa tahak'ity Inanjakatsiroa nentinao ho ahy ity,
na oviana, na oviana, ka ity no tena Andriamanitra tokoa ; fa -mpa-
njaka mahalala ny hatao, tonpon'ny vahoaka mahalala ny didy homena,(1)

1) Ms : ho mena

6. Les richesses d'un homme vaincu par le tanguin, on en prend la moitié pour vous le Roi et trente piastres et un taureau pour celui qui l'a accusé. Si l'accusation est fausse, et que l'ayant accusé, il se trouve débouté, il verse à celui qui a été accusé trente piastres et un taureau qui seront répartis ainsi : vingt piastres et un taureau au prévenu acquitté pour qu'il se purifie, et quant aux dix autres : une piastre sera offerte à Imanjakatsiroa, deux piastres et denie seront le prix du chien, et le reste reviendra à la couronne.

7. On prend une canne à sucre ayant de très jeunes pousses, des bananes mûres, l'herbe tsiriry et l'herbe ahi-bità. On les met dans l'eau dans laquelle vous le Roi vous vous baignez.

Ce sont là, Monsieur, les sacrifices qu'on lui faits et les coutumes de gouvernement qu'il a révélées. On vous le dit, Andrianampoinimerina, car vous êtes le Prince que je suis et que ce sont là des coutumes qui vous rendent digne de bénédictions aux yeux d'Imanjakatsiroa, roi de tous les Dieux, maître de la terre et du pouvoir dans le monde entier.

-35

Et quand Andrianampoinimerina eut pris connaissance de ce (1) sacrifice à lui faire, il fut heureux, brandit son bouclier et dansa sans qu'on batte des mains, disant :

-36

- "C'est vraiment maintenant que moi, je suis le plus grand Prince et celui qui sera renommé dans tout le monde, car j'ai obtenu un Dieu qui ne trompe pas, et Imanjakatsiroa, roi de tous les Dieux, est arrivé. Et tout ce que vous m'avez dit, Rambolamasoandro, est bon, car cela m'est favorable pour obtenir l'honneur et une grande célébrité, dont la terre aussi bien que le ciel auront connaissance. Il n'y a pas de Dieu qui m'ait annoncé autant de bienfaits que cet Imanjakatsiroa que vous m'avez apporté et ce, en aucun temps. Et c'est bien celui-ci qui est vraiment un vrai Dieu, car c'est un roi qui sait ce qu'il y a à faire, c'est le maître du peuple qui sait les décisions à donner, il ne cèle pas

1) Le malgache io impose ici un singulier.

tsy miery laza tsy miery voninahitra, nampiseho fanjaka-nitatra. Vo-
toatin-kevitra izay nolazainao amiko -izay hahaleovako ny tany sy ny
fanjakana hiadanako °amy ny Ambanilanitra, ka marina ireo nolazainao
ireo, ka ekeko °am-pakasitrahana sy ekeko °amy ny fitiavana.

37- Fa raha izany marina sy soa ho enti-niaina voalazanao izany, dia
tsy izaho hiany no faly, fa faly koa ny 12 vavy sy ny Prince sy ny
Zazamarolahy sy ny Andriamasinavalona (fa ireo no napetrako tamin-
bodivona) fa hahazo soa °amy ny vodivonany izy ; ka dia izaho no mana-
sina any Imanjakatsiroa voalohany indrindra vao ireo havako voalaza
ireo fa ny sorona °lazainy Imanjakatsiroa Andriananitra no handraisa-
ko sy ireo zanako ireo soa.

38- Dia novorin'Andrianampoina teo Fidasiama indray Inerina enin-
toko, dia : Avaradrano, °Vakinisaony, Inarovatana, Vonizongo, Ambodi-
rano, Vakinankaratra.

39- Rehefa vory tao Fidasiama avokoa izy ireo, dia nitsangana An-
drianampoina, ka nanao hoe :
- "Alao izay tianareo, ry Ambanilanitra, (nefa nahadiso anareo izay
tianareo, fa safidy omeko anareo) :

40- Handoa ariary 1 isan-baravarana va hianareo, sa handoa varirai-
venty 1 isan-olomiana sy tapa-bary isan-taona sy vodi-hena isan'ny
mamono omby ; nefa ny ariary 1 aloa isam-bolana, fa ny varirai-
venty 1 isan'olomiana sy ny tapa-bary kosa dia aloa isan-taona.

la célébrité, il ne cèle pas l'honneur, il révèle l'extension du pouvoir. Tout est de la moëlle de la pensée dans ce que vous m'avez dit ; par là je pourrai avoir assez de force pour supporter la terre et le royaume, je règnerai paisiblement sur les Ambanilanitra. Ce que vous m'avez dit est vrai ; je l'accepte avec gratitude et je l'accepte avec amour.

En effet, à entendre ces vérités et ces bonnes choses que vous avez dites et qui serviront dans la vie de lignes de conduite, il n'y a pas que moi à me réjouir, mais^{sg} réjouissent également les Douze femmes, les Princes, les Zazamarolahy et les Andriamasinavalona (ce sont ceux-là que j'ai placés dans les vodivona (1), car leurs vodivona leur profiteront. Aussi bien est-ce moi qui le premier offre le hasina à Inanjakatsiroa avant ces parents dont je viens de parler, car ce sont les offrandes indiquées par divin Inanjakatsiroa qui m'apporteront, à moi et à mes enfants, des bénédictions.

-37

Andrianampoininerina réunit à nouveau à Fidasiana l'Emyrne aux six provinces : Avaradrano, Vakinisaony, Imarovatana, Vonizongo, Anbo-dirano, Vakinankaratra.

-38

Quand ceux-ci furent tous réunis à Fidasiana, Andrianampoininerina se leva et dit :

-39

- "Prenez ce que vous voulez, ô Ambanilanitra (mais ce que vous choisirez vous rendra responsable, car c'est un choix que je vous offre):

~~Verserez~~-vous une piastre par porte ? ou verserez-vous sept millimes par personne vivante, une demi-mesure de riz chaque année et la culotte chaque fois que vous tuerez un boeuf ? Notez cependant que la piastre est à verser tous les mois, tandis que les sept millimes par personne vivante et la demi-mesure de riz sont à verser tous les ans.

-40

1) vodivona, plus qu'un fief au sens classique, désigné un bénéfice foncier.

41- Ireo no safidy omeko anareo Ambanilanitra, ka fidio izay hatao-
nareo, nefa nieritrereta tsara hianareo vao (1) mifidy, ka tandreno
izay tsy hahavery vady sy hahavery zanaka anareo.

42- Dia nitsangana Rainifiringa (avy ^o any ny Tsinahafotsy-Avara-
drano) ka niteny hoe :

- "Holazaiko ve ry Avaradrano izay halaintsika?

Dia hoy izy :

- "Lazao.

43- Dia niteny Rainifiringa ka nanao hoe :

-^o Tarantitra aza marofy hianao Andrianampoina, mifanatera ^o any ny
vadinao sy ny Ambanilanitra ; indreo ny 12 Vavy (vadin'Andriana koa
ireo) sy ny terak'Andriamasinavalona izay tsy nikorokoro, tsy nivo-
honamba, fa -faly anao ho tonpony, faly anao hanjaka- izay saotra
atony, vavaka oneny hahanasina anao Mpanjaka anie.

44- Raha avy ity izay safidy ataonao Andrianampoina aninay Ambani-
lanitra ka manome malalaka hianao : koa na dia halainao daholo aza
ireo zavatra roa ampifidianao ireo dia mahafoy izahay Avaradrano, ka
indrindra, fa ny iray no tianao hataonay dia omenay anao izao :

1. Ny tapa-bary halao isan-taona.

2. Ny variraiventy isan'olo-niaina halao isan-taona.

3. Ny vodihena isan-panonoana onby ; fa - ny vodi-akoho aza tsy ha-
ninjaza ka mainka fa ny vodi-hena va no azon'ny npanonapo ho hanina.
Fa tsy izany ry zalahy !

- "Izany, hoy ny Avaradrano.

1) Ms : fao

Voilà les possibilités de choix que je vous offre à vous Ambanilanitra ; choisissez ce que vous décidez de faire, mais réfléchissez bien avant de choisir et veillez bien que cela ne puisse vous faire perdre femmes et enfants. -41

Rainifiringa (des Tsinahafotsy -Avaradrano) se leva et parla : -42
- "Dirais-je, ô Avaradrano, ce que nous choisirons ?
Ils dirent :
- "Dites-le".

Rainifiringa parla en ces termes : -43
- "Parvenez à la vieillesse sans connaître la maladie, ô vous Andrianampoina. Voici les Douze femmes (ce sont également les épouses du Prince) et les descendants d'Andriamasinavalona, qui ne se sont pas montrés rugueux, qui ne se sont pas donné un dos de caïman, mais se sont réjouis de vous avoir pour maître, se sont réjouis de vous voir régner, puissent les sao-tra (1) qu'ils font et les prières qu'ils donnent, vous sanctifier, vous qui êtes le Roi.

Nous voici, nous les Ambanilanitra, en présence du choix que vous, -44
Andrianampoina, vous nous offrez en nous laissant toute liberté, puisque nous Avaradrano nous sommes prêts à vous les donner même si vous décidiez de prendre ces deux catégories de choses entre lesquelles vous nous faites choisir, à plus forte raison, quand vous ne souhaitez obtenir de nous que l'une de ces catégories, alors voici ce que nous décidons de vous donner :

1. La demi-mesure de riz à verser tous les ans.
2. Les sept millimes par personne vivante à verser tous les ans.
3. La culotte chaque fois qu'on tue un boeuf ; puisqu'on ne donne même pas le croupion à manger aux enfants, comment laisserait-on la culotte à manger aux serviteurs ? N'est-ce pas cela, vous les hommes ?
- "C'est cela, dirent les Avaradrano".

1) Par les sao-tra Andriana, on faisait la louange du Roi et l'on formulait des vœux en sa faveur.

- 45- Dia nitsangana Andriananpoinimerina ka nisaotra an'Avaradrano, fa tao ^oany ny tiany indrindra no nofidiny.
- 46- Dia nitsangana indray ireo dimi-toko sisa ireo, ka arak'io voalazan'Avaradrano io avokoa no nataony izy rehetra.
- 47- Rehefa tapitra nandahatra toy izany avokoa izy enin-toko, dia nitsangana Andriananpoinimerina, ka nandray ny tehin-bolamena, ka izao no laha-teny nataony :
- "Feno hafaliana ny foko, ry Ambanilanitra, raha nifidy izay hahamasina ahy hianareo ka tsy nitady izay hahavery anareo, fa nanao izay hiadanan'ny vady anan-janankareo sy hahamainty nolaly ny fanjakako, ka nanao izay hahato-teny ahy sy izay tsy hahazahoako tondro-maso anin'ity fanjakako ity, ka nanao izay namin'ity fanjakako ity, ka nanao izay namin'ny kiboko sy mahafinaritra ny havako.
- 48- Dia matoky aho, ry Ambanilanitra, noho ny fitiavanareo ahy, fa nanan-dray anan-dreny aho nanana anareo ; velona tokoa ny 12 Manjaka ka tsy kamboty aho, fa hianareo Ambanilanitra no fanovany.
